FIAINANA ANDAVANANDRO

Mitombo ny olan'ny ray aman-dreny amin'ny fiahiana zanaka

Tsy mandry fahalemana ny fiainan'ireo ray aman-dreny Malagasy ankehitriny, noho ny fitomboan'ny olana samihafa atrehiny amin'ny fiahiana ny zanany. Efa eo ankehitriny ny fiahiana azy ireo amin'ny fanabeazana sy fitaizana fototra tena ilainy, toy ny sakafo, ny fianarana, ny fahasalamana, izay sarotra ny miatrika azy noho ny fihanaky ny valanaretina. Manakorontan-tsaina ireo nahitana masoandro izany andro aman'alina. Ankoatra izay koa anefa, dia tranga miseho, na dia tsy isan'andro aza, fa matetitetika, ny fisian'ny zaza very. Nahabe resaka ny maro, indrindra tamin'ireo mponina amin'ny tanàna

nisehoany, ny fahaverezan-jazavavikely teny amin'ny tanànan'Ambohitrimanjaka tamin'ny herinandro lasa iny. Tranga izay saika niteraka fitsaram-bahoaka raha tsy voafehy haingan'ny mpitandro filaminana tonga maro tamin'ny kamiao teny an-toerana. Efa hita ilay zaza, saingy mbola misy resaka tsy mazava hatramin'izao ny momba ilay tranga ary mahabe fanontanina, sy mahalasa saina ny mponina eny amin'iny faritra iny hatramin'izao.

Izay eo ihany, fa ho an'ny ray aman-dreny maro dia tsy mandry fahalemana intsony ny sainy momba ny zanany handeha hianatra any an-tsekoly. Raha nalefan'izy ireo handeha irery ny zanany teo aloha, indrindra ireo mbola kely taona toy ny latsaka ny 11 – 12 taona eo, ankehitriny tsy maintsy misahirana manatitra hatreny an-tsekoly na dia tsy lavitra aza no misy ny toerana. Miaina izany ireo ray aman-dreny eny amin' ny tanàna nisehon'ny fahaverezan-jaza vao tsy ela iny. Mitombo araka izany ny olana atrehin'ny ray aman-dreny Malagasy amin'izao fotoana izao. Midika mazava ihany koa izany, fa tsy mbola voafehy mihitsy ity resaka tsy fandriampahalemana ity. Lesoka sy tsy fahombiazan'ny fitondrana Rajoelina izany.

Radafy

Zava-mahadomelina

Sarona Da-Rôla mivady mpivarotra rongony

Miseho lany ihany koa amin'izao fotoana ny varotra antsokosoko zava-mahadomelina rongony any amin'ny faritra Itasy iny. Noho ny ezaka ny mpitandro filaminana any Soavinandriana, sy ny fanampiana nataon'ny olona tsara sitrapo nanome vaovao azy ireo, tratra i DaRôla mivady, mpivarotra rongony tao Antsahabe Antranoroa distrikan'i Soavinandriana, faritr'Itasy. 2 taona no efa nanao ity asa ity izy ireo araka ny nambarany, 1000 Ar ka hatramin'ny 2000 Ar ny hivarotany ny baomba iray ary mahalafo 20, ka hatramin'ny 70 fonosona isan'andro ry zareo. « Fitadiavanay

Da-Rôla mivady, mpivarotra rongony tratra tany Soavinandriana.

vola mihitsy io ary ialana amin'ny fividianana lafo any an-kafa » dia nivarotra izahay hoy i Rôla, ity farany izay sady mifoka ihany koa. Nosamborina ihany koa ny mpamatsy rongony azy ireo, rehefa natorony ny toerana misy azy. Natolotra ny fampanoavana omaly tao MIARINARIVO ny raharaha.

Stefa

Copa America Brezila 2021

Mbola baraingo ny fanatanterahana azy noho ny coronavirus

Anio alakamisy 10 jona 2021, no hamoaka ny didy mikasika ny fangatahana fanafoanana ny fikarakarana ny fifaninanana baolina kitra Copa America 2021, kasaina hatao any amin'izy ireo manomboka amin'ny alahady 13 jona ho avy izao, ka tsy hifarana raha tsy amin'ny 10 jolay, ny "Cour Suprême du Brésil", tarihan'ny filohany : Luis Fux, araka ny vaovao marimpototra navoakan'ny fitsarana Breziliana tamin'ny talata 08 jona 2021 lasa teo. Mampiahiahy hatrany hatreto ny mety hanatontosana an'ity fifaninanana ity any Brésil izay firenena mbola hiparitahan'ny tsimokaretina corona anisan'ny betsaka indrindra hatreto. Marihana fa efa nahatratra 475 000 isa hatreto ny olona matin'ny covid-19 tany an-toerana. Taorianan'ny nialan'i Argentine sy Colombie tsy hikarakara an'ity fifaninanana ity dia hagagana lehibe ny an'ny rehetra ny nanapahan'ny « Confédération sud-américaine de football » ny hanatanterahana ny Copa America 2021 any Brésil.

Copa America Brésil 2021

Rainilita

Antanandrano

Manao barofo ilay orinasana karana, tsy manaiky ireo mpandova

Raharaha ady tany eny Antanandrano, kaominina Ankadikely distrikan'Antananarivo Avaradrano, mitohy manao barofo amin'izao fotoana ilay orinasa karana, tsy manaiky kosa anefa ireo mpandova izany tany misy olana izany. Araka ny hita eny an-toerana, hatramin'ny alakamisy lasa teo no mankaty dia tsikaritra ho mitohy mampiditra fitaovana ao anatin'ilay tany mirefy 30 ha mbola iadiany amin'ireo olona an-jatony mahery, milaza ho mpandova izany tany izany ilay orinasa ana teratany Karana, araka ny fanazavan'ny solontenan'ireto mponina milaza azy ho mpandova. Manoloana izany dia nanamafy ireto teratany malagasy ireto, fa izy ireo no tompon'ity toerana etsy Antanandrano, kaominin'Ankadikely ity. Efa nandresy teny amin'ny fitsarana izahay, hoy izy ireo, fa ny ben'ny tanàna izay nanome fahazoan-dalana io orinasa io kosa no tomponandraikitra voalohany amin'ity savorovoro ity. Noho izay antony izay, hiha-mafy ny hetsika fanoherana ny fibodoana tany raha mbola miziriziry tsy miala eo ity orinasa ity, hoy hatrany ny solontenan'ireo mponina. Mbola tsikaritra teny an-toerana koa moa ireo mpitandro filaminana omaly. Arak'izany, mety ho tapaka ny tady raha mbola samy hiziriziry ny andaniny sy ny ankilany momba ity raharaha ity, ahiana ny hipoahan'ny fifandonana. Ho arahantsika eo ihany arak'izany ny ho tohiny…

Helisoa

Ilay tany misy olana eny Antanandrano.

Taratasin'ny mpamaky

Fanehoan-kevitra tsy aritra momba ny fanaovana vaksiny ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy mahakasika ny fanaovana vakqsiny nataon'ny depute Naivo Raholdina, na Naivoky.

"Naivokely lany henatra", izay no azo ilazana azy, tena adala izay mbola miantso an'io hoe "député". Tena "bandy" tsy misy ilàna azy.

"Ny anay Cvo ihany dia mahaaro anay, tsy mila vaksiny izany"... sady mameno vava no mipitika daholo ny zavatra rehetra avy any.

roaho any itony fa tena fanetry be ny tany. Ny tahaka azy no atao hoe " mpamosavy malemy". Novoreheny t@ Cvo ny mpiray firenena aminy fa izy io voalohany mihazakazaka manao vaksiny io.

Ny olona asainy miletra Cvo tsy misy dikany natao hameno paosy ny patrôny sady "anamboarany fasana" avy eo, fa izy mihazakazaka manao tsy omby aloha milahatra manao vaksiny misekoseko alaina sary. Io ve tsy nitabataba teny indray hoe: " avelao aho hatao mialoha fa solombavam-mpihinana". Tena izao no atao hoe biby mi-tourne ny zavatra rehetra momba azy. Tsy misy henatra na kely aza. Haongany any io fa mamosavy.

Marcel Razafimahatratra
Mpamaky gazety Ny Valosoa, Antsirabe.